# 22 NY HEVITRA ARA-DRAFITRA MPAMARI-TOE-JAVATRY NY TOMPON-JAVATRA

## TANJONA

Mamaritra ny Hevitra ara-drafitra Lazaina sy/na ny fitodiky ny fehezanteny ahitana EM andian-teny mivadi-drafitra tsy misy tsirin-teny maha-

## VONTOATIM-PAHALALANA

Ambara fa mpamari-toe-javatry ny tompon-javatra ny Hevitra ara-drafitry ny Lazaina raha toa ka indray tanteraka ireto fepetra roa manaraka ireto:

1. Andian-teny mivadi-drafitra ny Enti-milaza;
2. Ahitana ny tovona maha-

Raha mpamari-toe-javatry ny tompon-javatra ny Hevitra ara-drafitry ny Lazaina dia ambara fa “mitodika amin’ny mpamari-toe-javatry ny tompon-javatra” ny fehezanteny.

Ambara fa mpamari-toe-javatry ny tompon-javatra ny Hevitra ara-drafitry ny Renifameno, raha toa ka indray tanteraka ny fepetra roa voalaza etsy ambony rehefa avadika ho Lazaina ilay RF.

## Lahatsoratra

Ny maha-samy hafa ny Malagasy amin'ny Tandrefana, dia misongadina indrindra eo amin'ny fifandraisany amin'ny manodidina azy. Hita amin'izany lafim-piainana samihafa izany. Marina koa anefa fa efa miova tsikelikely ny toe-tsaintsika amin'izao fotoana izao. Azo inoana mihitsy aza fa aoriana kely dia tsy hita mazava intsony ny maha-isika antsika. Mahalany fanahy ihany mantsy ny mahita ny fakantsika tahaka izay rehetra entin'ny fandrosoana. Antenaina kosa fa ireo tanora izay nampiseho teo imason'izao tontolo izao ny fahamatorantsainy dia hitandro ny maha-Malagasy ity firenena ity. Tena mato-tsaina tokoa mantsy izy ireo nandritra iny toe-javatra tamin'ny roa amby fitopolo iny. Mahavelom-bolo ny maro izany.

## Sahanasa 1

Fanadihadiana lahatsoratra:

1-Inona no resahan'ny lahatsoratra?

2-Manao ahoana no fahitan'ny mpanoratra ny Malagasy ankehitriny?

3-Inona no hamaritan'ny mpanoratra ny atao hoe "mato-tsaina" raha ny lahatsoratra no jerena?

4-Manomeza ohatra roa amin'ny endri-pandrosoana entin'ny vahiny amin'izao vanim-potoana iainanatsika izao.

5-Manao ahoana no toe-tsaina andrandraina amintsika Malagasy manoloana ny fitiavana ny tanindrazana?

## Sahanasa 2

1-Rasao ny fehezanteny ka omeo ny anjara asan'ny teny tsirairay

F1: Mahalany fanahy ny mahita ny fakantsika tahaka.
F2: Mahavelom-bolo ny maro izany.
F3: Mahamato-tsaina ny fiatrehana ny adim-piainana.

2-Rasao ny EM ary lazao na andian-teny na teny tokana:

F1: Mahalany fanahy ny mahita ny fakantsika tahaka.
F2: Mahavelom-bolo ny maro izany.
F3: Mahamato-tsaina ny fiatrehana ny adim-piainana.

3-Lazao ny Hevitra ara-drafitry ny Lazaina.

F1: Mahalany fanahy ny mahita ny fakantsika tahaka.
F2: Mahavelom-bolo ny maro izany.
F3: Mahamato-tsaina ny fiatrehana ny adim-piainana.

## Sahanasa 3

Fanadihadiana lahatsoratra:

1-Inona no resahan'ny lahatsoratra?
2-Manao ahoana no fahitan'ny mpanoratra ny Malagasy ankehitriny?
3-Inona no hamaritan'ny mpanoratra ny atao hoe "mato-tsaina" raha ny lahatsoratra no jerena?
4-Manomeza ohatra roa amin'ny endri-pandrosoana entin'ny vahiny amin'izao vanim-potoana iainanatsika izao.
5-Manao ahoana no toe-tsaina andrandraina amintsika Malagasy manoloana ny fitiavana ny tanindrazana?